# FANOMPOAM-PIVAVAHANA FANOKAFANA

## VFTM Bordeaux

## Talence faha-01 jona 2019

### "Mankato ny Tompo ny mpino dia tonga sakaizan'Andriamanitra"

### (Genesisy 12-25)

**"Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin'ny fisainan'ny ratsy fanahy, ary tsy mijanona eo amin'ny lalana falehan'ny mpanota, ary tsy mipetraka eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira; 2 Fa ny lalàn'i Jehovah no sitrany; eny ny lalàny no saintsaininy andro aman'alina" (Salamo 1. 1-2).**

**Ry hava-malalan'I Kristy eto amin'ny FPMA Bordeaux,**

**Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana amin'ny fahalalana an'Andriamanitra Raintsika sy Jesoa Kristy Tompo !**

**An-kafaliana tokoa no iarahabana antsika rehetra tafahaona soa eto Talence eto amin'ity fotoana nanasan'ny VFTM antsika eto Bordeaux hijery fampirantiana sy hanatrika Velakevitra miompana amin'ny : "Ny ifandraisan'ny Teny Malagasy sy ny Kolontsaina, sy ny Soatoavina ary ny Finoana"** An'Andriamanitra moa ny andro rehetra sy ny fotoana rehetra. Azy koa ity fotoana ity nefa omeny antsika hanaovana izao hetsika izao. Koa entintsika am-bavaka aloha ity fotoanan'ny VFTM ity sy ny Iray volan'ny teny Malagasy ; aorian'izay vao atomboka ny velakevitra sy ny fifanakalozan-kevitra.

# Hira FF48. 1-2 : *ANDRIAMANITRA FITIAVANA*

**1. Andriamanitra, Fitiavana Ianao**
**Ka mihevitra ny momba anay ety**
**Raha mifoha maraina izahay**
**Dia tsy afaka am-bavanay ny hoe**
**Ampy ho anay ny Fahasoavanao**

**2. Andriamanitra, Fitiavana Ianao**
**Ka mitantana ny dianay ety**
**Raha mandimby ny andro ny alina**
**Mbola tokana ny Deranay hoe :**
**Ampy ho anay ny Fahasoavanao**
**Raha maraina mibaliaka ny andronay ety, sns…**

**Fiv : Raha maraina mibaliaka ny andronay ety**
**Ianao no masoandro niaviany**
**Raha ny alin'ny ririnina no handalo ety**
**Ianao no kintana hitantana ny dia**
**Ka ny vavaka atao**
**Izay mipololotra am-ponay ao hoe:**
**Izahay anie hatoky Anao**

**Vavaka : Ho any amin'iza moa izahay Ray ô ? Ianao no manana ny Tenin'ny fiainana mandrakizay. Koa manatona Anao am-pahatokiana izahay satria manana Anao ho Ray. Misaotra noho ny nanomezanao ny Zanakao Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay. Tompo ô, apetrakay eo ambany fiahianao ity fotoana noketrehin'ny VFTM Bordeaux ity noho ny asan'ny Fanahinao. Misaotra noho ny ananany Baiboly amin'ny Teny Malagasy. Hamaky sy handre ny Teninao izahay. Iraho ny Fanahy Masinao hanokatra ny mason-tsaina sy ny masom-panahinay. Tsy hiverina foana Aminao anie ny Teninao raha tsy nahavita ny nanirahanao azy. Anao ny dera, ny laza, ny voninahitra izay efa Anao hatramin'ny Taloha indrindra ka ho Mandrakizay. Fa ho aminay kosa anie ny famindramponao sy ny fitahianao. Amin'ny anaran'I Jesoa. Amena.**

# Tenin'Andriamanitra : Genesisy 12. 1-5

1 [Ny niantsoan'Andriamanitra an'i Abrama sy ny nivahinianay tany Kanana sy
Egypta] Ary hoy Jehovah tamin'i Abrama: Mandehana miala amin'ny taninao sy ny
havanao ary ny tranon'ny rainao hankany amin'ny tany izay hasehoko anao; 2 dia
hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao;
ary ho fitahiana tokoa ianao; 3 ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona
izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany. 4
Dia nandeha Abrama araka izay efa nolazain'i Jehovah taminy, ary Lota koa mba
niaraka taminy. Ary efa dimy amby fito-polo taona Abrama, raha niala tao Harana izy.
5 Ary Abrama nitondra an'i Saray vadiny sy Lota zana-drahalahiny mbamin'ny
fananan'izy rehetra izay efa nohariny sy ny olona izay efa azony tao Harana; dia
niainga izy ireo hankany amin'ny tany Kanana, ka tonga tany amin'ny tany Kanana
izy.

# 734 – Zanahary ô tahio ny tanindrazanay

1. Zanahary ô tahio
Ny tanindrazanay,
Handroso lalandava,
Handry fahizay.
Enga anie hanjaka ao
Ny saina mahay miray,
Dia ho tany sambatra
Ilay Madagasikaranay.

2. Ireo mpitondra anay
Arovy lalandava koa,
Tolory saina hendry,
Kinga sy mahay
Ka ny marina anie
No mba hanjaka ao tokoa,
Dia ho tany sambatra
Ilay Madagasikaranay.

3. Ny taranakay tahio
Ho vanona tokoa:
Ireo no solofo,
Dimby rahatrizay.
Mba ho tena mahatoky,
Feno fahendrena koa,
Dia ho tany sambatra
Ilay Madagasikaranay.

# Hafatra sy Tsodrano

**HO AN'ANDRIAMANITRA IRERY NY VONINAHITRA !**